

PERIKOPA ALAHADY 21 Aprily 2024
(Péricope du Dimanche 21 Avril 2024)

Salamo / Psaume 22
Asan'ny Apostoly / Actes des Apôtres 4 : 8 - 12
I Jaona / I Jean 3 : 1 - 2
Jaona / Jean 10 : 11 – 18

**« Izaho no Mpiandry Tsara; ary fantatro ny Ahy, sady fantany Aho,
dia tahaka ny ahafantaran'ny Ray Ahy sy ny ahafantarako ny Ray;
ary izaho manolotra ny aiko hamonjy ny ondry. » (Jaona 10.14-15)**

**« Moi, je suis le bon berger. Je connais mes brebis et elles me connaissent,
tout comme le Père me connaît et comme je connais le Père.
Je donne ma vie pour mes brebis. » (Jean 10.14-15)**

SALAMO 22 (MRV)

1 Andriamanitra ô, Andriamanitra ô, nahoana no dia nahafoy ahy lanao ? Lavitry ny famonjena ahy ny tenin'ny fitarainako.

2 Andriamanitra ô, miantso aho nony andro nefa tsy mamaly lanao; miantso aho nony alina nefa tsy mahita fiononana.

3 Kanefa masina lanao, ry mipetraka eo amin'ny fideràn'ny Israely.

4 lanao no nitokian'ny razanay; natoky izy ka nanafaka azy lanao.

5 lanao no nitarainany ka afa-nandositra izy; lanao no nitokiany ka tsy nitsanga-menatra izy.

6 Fa izaho dia olitra fa tsy olona, fandatsan'olona sy fanevatevam-bahoaka.

7 Izay rehetra mahita ahy dia manaraby ahy, manondro molotra izy sady mihifikifi-doha ka miteny hoe:

8 Efa niankina tamin'NY TOMPO izy, dia aoka Izy hamonjy azy; eny, aoka Izy hanafaka azy, satria mankasitraka azy Izy!

9 Fa lanao no nampivoaka ahy avy tao an-kibo; nampandry ahy fehizay lanao, fony aho mbola nampinonoin'ny reniko;

10 nankinina Taminao hatrany am-bohoka aho; hatrany an-kibon-dreniko dia Andriamanitra lanao.

11 Aza manalavitra ahy lanao fa akaiky ny fahoriana sady tsy misy olona hamonjy ahy.

12 Mitangorona amiko ireo ombilahy maro, manemitra ahy ny maherin'i Basana.

13 Misanasana vava amiko izy; eny, toy ny liona mamiravira sy mieronana izy.

14 Efa toy ny rano aidina aho ka mivaha ny taolako rehetra; tahaka ny savoka ny foko, miempo ato anatiko izy.

15 Maina tahaka ny tanimanga vakivaky ny heriko ary miraikitra amin'ny lanilaniko ny lelako; ao amin'ny vovoky ny fahafatesana no ametrahanao ahy.

16 Fa mitangorona amiko ny amboa, manemitra ahy ny andian'olon-dratsy, manindrona ny tongotro amantanako izy.

17 Maha isa ny taolako rehetra aho. Mibanjina sady mangarika ahy ireo.

18 Mizara ny fitafiako ho azy izy ary anaovany antsapaka ny akanjoko.

19 Fa lanao TOMPO ô, aza manalavitra; ry heriko ô, faingàna hamonjy ahy!

20 Afaho amin'ny sabatra aho, vonjeo amin'ny herin'ny amboa ny aiko!

21 Afaho amin'ny vavan'ny liona sy amin'ny tandroky ny ombimanga aho! Dia namaly ahy lanao!

22 Hitory ny anaranao amin'ny rahalahiko aho, eo afovoan'ny fiangonana no hiderako Anao.

23 Ianareo izay matahotra NY TOMPO, miderà Azy! Ry taranak'i Jakoba rehetra, omeo voninahitra Azy! Matahora Azy, ry Zanak'Israely rehetra!

24 Fa tsy manao tsinontsinona na marikorikon'ny fahorian'ny ory Izy ary tsy mba manafina ny tavany aminy; fa raha mitaraina Aminy ireny dia mihaino Izy.

25 Avy Aminao no ahazoako manao fiderana eo amin'ny fiangonan-dehibe; ny voadiko dia hefaiko eo anatrehan'izay matahotra NY TOMPO.

26 Hihinana ny mpandefitra ka ho voky; hidera NY TOMPO ireo izay mitady Azy. Ho velona mandrakizay anie ny fonareo!

27 Hahatsiaro NY TOMPO ny any amin'ny faran'ny tany rehetra ka hiverina Aminy; hiankohoka eo anatrehany ny fokon'ny firenen-tsamihafa.

28 Fa an'NY TOMPO ny fanjakana; manapaka ny firenen-tsamihafa Izy.

29 Hihinana sy hiankohoka koa ny mpanefoefo rehetra ambonin'ny tany; eo anatrehany no hiondrehan'izay rehetra midina any amin'ny vovoka, dia ireo izay tsy mahavelona ny ainy.

30 Hisy taranaka hanompo Azy ary ny Tompo dia holazaina amin'ny taranaka ho avy.

31 Hisy ho avy ka hanambara ny fahamarinany amin'ny olona izay mbola hateraka fa Izy no nanao izany.

PSAUME 22 (S21)

1 Mon Dieu, mon Dieu, pourquoi m'as-tu abandonné? Pourquoi t'éloignes-tu sans me secourir, sans écouter mes plaintes?

2 Mon Dieu, je crie le jour, et tu ne réponds pas, la nuit, et je ne trouve pas de repos.

3 Pourtant tu es le Saint, tu sièges au milieu des louanges d'Israël.

4 C'est en toi que nos ancêtres se confiaient: ils se confiaient en toi, et tu les délivrais;

5 ils criaient à toi, et ils étaient sauvés; ils se confiaient en toi, et ils n'étaient pas déçus.

6 Mais moi, je suis un ver et non un homme, la honte de l'humanité, celui que le peuple méprise.

7 Tous ceux qui me voient se moquent de moi, ils ricanent, ils hochent la tête:

8 «Recommande ton sort à l'Eternel! L'Eternel le sauvera, il le délivrera, puisqu'il l'aime!»

9 Oui, tu m'as fait sortir du ventre de ma mère, tu m'as mis en sécurité contre sa poitrine;

10 dès ma conception j'ai été sous ta garde, dès le ventre de ma mère tu as été mon Dieu.

11 Ne t'éloigne pas de moi quand la détresse est proche, quand personne ne vient à mon secours!

12 De nombreux taureaux sont autour de moi, des taureaux du Basan m'encerclent.

13 Ils ouvrent leur gueule contre moi, pareils au lion qui déchire et rugit.

14 Mes forces s'en vont comme l'eau qui s'écoule, et tous mes os se disloquent; mon cœur est comme de la cire, il se liquéfie au fond de moi.

15 Ma force se dessèche comme l'argile, et ma langue s'attache à mon palais; tu me réduis à la poussière de la mort.

16 Oui, des chiens m'entourent, une bande de scélérats rôdent autour de moi; ils ont percé mes mains et mes pieds.

17 Je pourrais compter tous mes os; eux, ils observent, ils me regardent,

18 ils se partagent mes vêtements, ils tirent au sort mon habit.

19 Mais toi, Eternel, ne t'éloigne pas! Toi qui es ma force, viens vite à mon secours!

20 Protège mon âme contre l'épée, ma vie contre le pouvoir des chiens!

21 Sauve-moi de la gueule du lion et des cornes du buffle! Tu m'as répondu!

22 J'annoncerai ton nom à mes frères, je te célébrerai au milieu de l'assemblée.

23 Vous qui craignez l'Eternel, louez-le! Vous tous, descendants de Jacob, honorez-le! Tremblez devant lui, vous tous, descendants d'Israël!

24 En effet, il ne méprise pas, il ne repousse pas le malheureux dans sa misère et il ne lui cache pas son visage, mais il l'écoute quand il crie à lui.

25 Tu seras dans la grande assemblée l'objet de mes louanges, j'accomplirai mes vœux en présence de ceux qui te craignent.

26 Les malheureux mangeront et seront rassasiés, ceux qui cherchent l'Eternel le célébreront. Que votre cœur vive à perpétuité!

27 Tous les peuples de la terre se souviendront de l'Eternel et se tourneront vers lui, toutes les familles des nations se prosterneront devant toi,

28 car c'est à l'Eternel qu'appartient le règne: il domine sur les nations.

29 Tous les grands de la terre mangeront et se prosterneront; devant lui s'inclineront tous ceux qui retournent à la poussière, ceux qui ne peuvent pas conserver leur vie.

30 Leur descendance le servira; on parlera du Seigneur à la génération future,

31 et quand elle viendra, elle annoncera sa justice, elle annoncera son œuvre au peuple à naître.

ASAN'NY APOSTOLY 4 : 8 – 12 (MRV)

8 Dia feno ny Fanahy Masina i Petera ka nilaza taminy hoe: Ry mpanapaka ny vahoaka sy loholona, 9 raha nadinina izahay androany ny amin'ny asa tsara natao tamin'ny nahasitranana ilay lehilahy malemy, 10 dia aoka ho fantatrarao rehetra sy ny vahoaka Israely rehetra fa ny anaran'i Jesosy Kristy avy any Nazareta, izay nohomboinareo tamin'ny hazofijaliana, kanefa natsangan'Andriamanitra tamin'ny maty kosa, tamin'ny alalany no nitsanganan'io lehilahy sitrana io eto imasonareo.

11 Ity no vato izay nolavinareo mpanao trano, nefa tonga fehizoro (Sal. 118. 22).

12 Tsy misy famonjena avy amin'ny hafa na iza na iza; satria tsy misy anarana hafa ambanin'ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena.

ACTES DES APÔTRES 4 : 8 – 12 (S21)

8 Alors Pierre, rempli du Saint-Esprit, leur dit: «Chefs du peuple et anciens [d'Israël],

9 on nous interroge aujourd'hui sur un bienfait accordé à un infirme, afin que nous disions comment il a été guéri.

10 Sachez-le bien, vous tous, et que tout le peuple d'Israël le sache: c'est par le nom de Jésus-Christ de Nazareth, celui que vous avez crucifié et que Dieu a ressuscité, oui, c'est par lui que cet homme se présente en pleine santé devant vous.

11 Jésus est la pierre rejetée par vous qui construisez et qui est devenue la pierre angulaire.

12 Il n'y a de salut en aucun autre, car il n'y a sous le ciel aucun autre nom qui ait été donné parmi les hommes, par lequel nous devons être sauvés.»

I JAONA 3 : 1 – 2 (MRV)

1 Endre! Manao ahoana ny fitiavana nasehon'ny Ray ho antsika, dia ny niantsoana antsika hoe zanak'Andriamanitra sady izany tokoa isika! Noho izany dia tsy mahalala antsika izao tontolo izao satria tsy nahalala Azy izy.

2 Ry malala, ankehitriny aza dia zanak'Andriamanitra isika, nefa tsy mbola naseho izay ho toetsika rahatrizay. Fantatsika fa rehefa miseho Izy dia ho tahaka Azy isika ka ho hitantsika Izy amin'izay tena maha Izy Azy.

1 JEAN 3: 1 – 2 (S21)

1 Voyez quel amour le Père nous a témoigné pour que nous soyons appelés enfants de Dieu! [Et nous le sommes!] Si le monde ne vous connaît pas, c'est qu'il ne l'a pas connu, lui.

2 Bien-aimés, nous sommes maintenant enfants de Dieu, et ce que nous serons un jour n'a pas encore été révélé. [Mais] nous savons que, lorsque Christ apparaîtra, nous serons semblables à lui parce que nous le verrons tel qu'il est.

JAONA 10 : 11 – 18 (MRV)

11 Izaho no Mpiandry Tsara; ny Mpiandry Tsara manolotra ny ainy hamonjy ny ondry.

12 Ary ny mpikarama, satria tsy mpiandry na tompon'ny ondry izy, koa raha mahita ny amboadia avy, dia mandao ny ondry ka mandositra, ary ny amboadia misambotra ny ondry ka mampihahaka azy;

13 mandositra izy, satria mpikarama ka tsy mitandrana ny ondry.

14 Izaho no Mpiandry Tsara; ary fantatro ny Ahy, sady fantany Aho,

15 dia tahaka ny ahafantaran'ny Ray Ahy sy ny ahafantarako ny Ray; ary izaho manolotra ny aiko hamonjy ny ondry.

16 Manana ondry hafa izay tsy amin'ity vala ity Aho; ary ireny koa dia tsy maintsy ho entiko ka hihaino ny feoko; ary ho tonga andiany iray izy, sady iray ihany ny Mpiandry.

17 Ary izany no itiavan'ny Raiko Ahy, satria izaho manolotra ny aiko mba handraisako azy indray.

18 Tsy misy manaisotra ny aiko amiko, fa ny tenako ihany no manolotra azy. Manana fahefana hanolotra azy Aho, ary manana fahefana haka azy indray. Izany didy izany dia azoko tamin'ny Raiko.

JEAN 10 : 11 – 18 (S21)

11 Je suis le bon berger. Le bon berger donne sa vie pour ses brebis.

12 Le simple salarié, quant à lui, n'est pas le berger et les brebis ne lui appartiennent pas. Lorsqu'il voit venir le loup, il abandonne les brebis et prend la fuite; alors le loup s'en empare et les disperse.

13 [Le simple salarié s'enfuit] car il travaille pour de l'argent et ne se soucie pas des brebis.

14 Moi, je suis le bon berger. Je connais mes brebis et elles me connaissent,

15 tout comme le Père me connaît et comme je connais le Père. Je donne ma vie pour mes brebis.

16 J'ai encore d'autres brebis, qui ne sont pas de cet enclos; celles-là aussi, il faut que je les amène; elles écouteront ma voix et il y aura un seul troupeau, un seul berger.

17 Le Père m'aime, parce que je donne ma vie pour la reprendre ensuite.

18 Personne ne me l'enlève, mais je la donne de moi-même. J'ai le pouvoir de la donner et j'ai le pouvoir de la reprendre. Tel est l'ordre que j'ai reçu de mon Père.»